# Ilay Voa Tsara Nafafy 16 Jolay 2018

# 16 **Alatsinainy** jolay

**Kristy maty noho ny fahotantsika, araka ny Soratra Masina ; dia nalevina, ary natsangana tamin'ny andro fahatelo.** 1 Korintiana 15. 3, 4

**Mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy *(Jesosy)*.** Hebreo 7. 25

## Avy amin'ny Kôrany ho amin'ny Filazantsara

„Fony mbola zaza aho dia nilalao teny ambany aloky ny hazo daty teny amoron'ny ony Neily. Tatỳ aoriana dia nianatra ny Kôrany aho, ka nanjary silamo nahatoky. Nivavaka indimy isanandro aho, niankohoka tamin'ny tany, nanandrify an'i Lameka, ary nitandrina ny Ramadany.

Nanohy fianarana tany Alemaina aho. Tany no nandrenesako ny momba an'i Jesosy. Tamiko dia mpaminany ihany Izy. Nifankahafantatra tamina kristiana iray aho, ary nahafinaritra ahy ny niresaka aminy, ka nihevitra aho fa hanova azy ho silamo.

— Ataonao ahoana ny momba ireo fahotanao ? hoy izy nanontany ahy.

— Mivavaka aho, dia ho voavela izany.

— Raha izany, dia tsy marina Andriamanitra. Ahoana no ahazoany mikimpy maso amin'izany ?

Tsy nanan-kavaly aho. Ny silamo dia manatanteraka fivahiniana masina any Lameka, indray mandeha eo amin'ny fiainany. Mihazakazaka impito manodidina ilay Vato Mainty izy, dia mino fa afaka amin'ny fahotany. Tsy dia tena nino izany aho.

Nividy Testamenta Vaovao aho, ary namaky azy. Hafa dia hafa noho izay efa noraisiko taloha ny hafatra nentiny ! Hafatra mifono fitiavana, kanefa koa mifono fahamarinana. Tia fatratra ny olona Andriamanitra, ka nanome ny Zanany Lahitokana. Eny, „ny Zanak'[illegible]. efa tia ahy ka nanolotra ny tenany hamonjy ahy" (Galatiana 2. 20). Voafafa ny fahotako, kanefa toa inona re ny sarany ! Ny fahafatesan'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana. Ny mpanorina antokom-pivavahana rehetra dia mpanota avokoa. Jesosy kosa dia Zanak'Andriamanitra. Maty Izy mba hanonitra ny fahotan'izay rehetra mino Azy, ary efa anisan'izy ireny aho ankehitriny."